



REPUBLIKAN'I MADAGASIKARA
FIVORIANA FANAPAHAN-KEVITRA FANAPAHAN-KEVITRA



**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2020**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-72.2

FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA NY TOLO-DALANA
LAHARANA FAHA-003-2019/PL "RELATIVE A LA PRODUCTION ET A LA
COMMERCIALISATION DU TOAKA GASY", NATOLOTR'Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA
JEAN BRUNELLE, FILOHA LEFITRY NY ANTENIMIERAMPIRENENA

Fivoriana faha-18
Natao ny
Talata 16 Jona 2020
- Tolak'andro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

MPITANTSORATRA: Andriamatoa HENRI Jean Michel

FOTOANA: Talata 16 Jona 2020 tamin'ny 3 ora sy 45 minitra, tolak'andro.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Tolodalàna laharana faha-003-2019/PL "relative à la production et à la commercialisation du Toaka Gasy", natolotr'Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle, Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena.

Nitohy ny Talata 16 Jona 2020 tamin'ny 3 ora sy 45 minitra, tolak'andro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena. Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filohan'ny Antenimierampirenena no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory sy nampahatsiahy ny fandaharam-potoana, Ramatoa Filoha dia niangavy ny Mpitantsoaratra hanao ny fiantsoana anarana.

Andriamatoa HENRI Jean Michel, Kestora Voalohan'ny Antenimierampirenena no nanatanteraka izany.

Taorian'izay, nampahafantatra ny Solombavambahoaka izy, fa voapetraka teto amin'ny Antenimierampirenena omaly ny volavolan-dalàna laharana faha-009/2020 tamin'ny 13 Jona 2020 mifehy ny Tetibolam-panjakana nasiam-panitsiana, taona 2020. Nomarihany, fa tsy manana fotoana loatra handinihana azy ary tsy maintsy handalo eny amin'ny Antenimierandoholona koa izany rehefa lany eto. Noho izay antony izay, ny andininy faha-86 ao amin'ny Lalàmpanorenana no hampiharina handinihana azy ho laharam-pahamehana. Izany hoe, hisy fiovàna ny lahadinika hatrehintsika.

Nanao satroka, Andriamatoa FIAROVANA Lovanirina Celestin, fa tokony ho eo daholo ny mpitarika vao atomboka ny fivoriana.

Namaly, Ramatoa Filoha, fa ny Solombavambahoaka tonga aza mbola vitsivitsy kanefa ny lahadinika tsy maintsy aroso.

Nomena fitenenana, Andriamatoa TSABOTOKAY Honoré ary nanamarika, fa tsy tokony hatao olana izany; aleo miroso hatrany.

Rehefa izany, novakiana ny lahadinika vaovao, ka Andriamatoa Kestora Voalohany no namaky izany, ka toy izao no fivakiny:

ORDRE DU JOUR ANNEXE
MERCREDI 17 JUIN 2020

09h 00 et 15h 00: TRAVAUX DES COMMISSION - (CCI Ivato)

- Commission des Finances et du Budget** (Saisie au fond)
- Commission de l'Economie et de la Planification** (Saisie pour avis)
- Commission de l'Evaluation des Politiques Publiques** (Saisie pour avis)

- Projet de loi n°009/2020 du 13 Juin 2020 portant Loi de Finances Rectificative pour 2020

JEUDI 18 JUIN 2020

09H 00 et 15h 00: TRAVAUX DES COMMISSION (Salle des Séances/AN)

- Commission des Finances et du Budget** (Saisie au fond)
- Commission de l'Economie et de la Planification** (Saisie pour avis)
- Commission de l'Evaluation des Politiques Publiques** (Saisie pour avis)

- Projet de loi n°009/2020 du 13 Juin 2020 portant Loi de Finances Rectificative pour 2020

SEANCE PLENIERE - (CCI Ivato)

VENDREDI 19 JUIN 2020

10h 00 et 15h 00: Projet de loi n°009/2020 du 13 Juin 2020 portant Loi de Finances Rectificative pour 2020

Taorian'izay, nambaran-dRamatoa Filoha, fa handraisana fanapahan-kevitra izay lahadinika vaovao izay.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 34 no nandany; tsy nisy nitsipaka, Solombavambahoaka iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny lahadinika naroso teo.

Teto dia Andriamatoa RABENIRINA Jean Jacques indray no nitarika ny fivoriana.

Talohan'ny nidirana tamin'ny famakiana ny tatitra mikasika ny Tolo-dalàna laharana faha-03-2019/PL, nanao satroka Andriamatoa RABEKIJANA Solofo Hery; nanamarika fa tokony hisy solotenan'ny Governemanta hanatrika izao fivoriambe izao.

Namaly, Andriamatoa Filoha, fa izay no tokony ho izy saingy tsy voatery hanatrika izy ireo. Misy milaza fa efa tonga ry zareo ka aleo omena toerana.

Rehefa izay, niroso tamin'ny famakiana ny tatitra, ka Andriamatoa MAMIHAJA Charlot no nanatontosa izany ary toy izao izany:

Nivory ny Alakamisy 11 Jona tamin'ny 10 ora sy 30 minitra, maraina sy ny Alatsinainy 16 Jona tamin'ny 3 ora, tolak'andro, ny Vaomieran'ny Varotra sy ny Fanjifana, ny Vaomieran'ny Industria sy ny Fampandrosoana ny Sehatr'asa tsy miankina amin'ny Fanjakana ary ny Vaomieran'ny Fahasalamam-bahoaka nandinika ny Tolo-dalàna laharana faha-03-2019/PL "relative à la production et à la commercialisation du toaka gasy.

Andriamatoa ASSIMO Bruno, Filohan'ny Vaomieran'ny Varotra sy ny Fanjifana no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikamabana ao amin'ny Vaomiera tonga nivory;

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

1. ASSIMO Bruno
2. RATSIMANDRIONA Aida Hardy
3. DONOVAN Sidonie Jimmy Gertrude
4. RAKOTOMALALA Miarintsoa Andriantsitonta
5. MAMIHAJA Charlot
6. ANDRIANAMBININA Djohary Lee
7. RANDRIANASOLO Augustin
8. RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol
9. FIARAOVANA Lovanirina Celestin
10. RAZAKANDRAINY Dominique
11. ANDRIAMBELOSOA Heriniaina
12. RAVELOSON Guillaume

Ireo Solombavambahoaka tsy mpikambana ao amin'ny Vaomiera tonga nivory:

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

1. RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle
2. RAVONTY Tam Teon Luc
3. RASOAZANERA Monique
4. RAKOTONIRINA Jimmy Joe
5. RAZARA Pierre Fidèle
6. EDZARD
7. Johasy Eléonore
8. DINAH Romual
9. BAOFENO Micheline

Ireto avy ny teknisiana nisolotena ny Governemanta;

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- | | |
|------------------------------------|----------------------|
| 1. RAMINDO Gaétan | DG/MICA |
| 2. RAHARILALA Faraniaina | DII/MICA |
| 3. RAVELOJOELIANDRIAMBELOARITAFIKA | Directeur FMALAT/MSP |
| 4. RAKOTOVAO RAMANANA Joely | Directeur DACSQDA |
| 5. RARIVOJAONA Njara | DGC/MICA |

Taorian'ny fifampiarahabana sy fifampahafantarana dia nomen'Andriamatoa Filoha avy hatrany an'Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle, Filoha Lefitry ny

Antenimierampirenena ny fitenenana mba hitondrany fanazavana mikasika ny Tolo-dalàna izay natolony.

Nanambara ny mpanolotra, fa ity Tolo-dalàna ity dia hampiditra amin'ny sehatra ara-dalàna ny famokarana sy ny fivarotana toaka gasy noho izy anisan'ny vokatra Malagasy izay mifanindran-dalana amin'ny kolotsaina Malagasy. Ampiasana toaka gasy avokoa rehefa hetsika ara-pomban-drazana; toy ny joro, fahafatesana, famadihana, sambatra, sns...

Ny toaka gasy dia vokatra azo tahirizina, tsy mora simba kanefa vokarina ao antin'ny fenitra ara-biolojika. Anisan'ny seha-pihariana mampidi-bola be ny famokarana toaka gasy, ka hitondra vokatsoa ho an'ny tokantrano maro eny amin'ny tontolo ambanivohitra izay miainga amin'ireo mpamboly fary, ka hatramin'ireo mpanodina izany ho lasa alkaola sy toaka; na izany aza, sehatra tsy mbola afaka mivelatra ihany ity fihariana eo amin'ny famokarana toaka gasy ity noho ny tsy fisian'ny fehezan-dalàna mifehy azy, ka miteraka disadisa eo amin'ny mpisehatra sy ny mpitandrofilaminana. Izany indrindra no antony namolavolana ity Tolo-dalàna ity, mba hampalalaka sy hampanara-dalàna ny famezivezena sy ny fivarotana azy izay efa tsy mety voafehy rahateo. Inoana fa tonga izao ny fotoana hamaliana ny hetahetan'ireo vahoaka mpiray tanindrazana hamahana ny olan'ny toaka gasy.

Taorian'izay, nandray fitenenana ny Solombavambahoaka maromaro izay samy nanamafy ny maha zava-dehibe ity Tolo-dalàna ity, ka nivoitra tamin'izany fa:

- amin'ny maha Malagasy dia tokony homen-danja ny vokatra Malagasy. Ny tsindry sy fanenjehana diso tafahoatra ny toaka gasy no tsy ahafahan'ireo mpamokatra izany hivelatra sy hitondra fanatsarana eo amin'ny fomba famokarana sy ny kalitao araka ny fenitra ara-pahasalamana sy ara-barotra.
- ny adihevitra dia tsy tokony ho amin'ny hoe ekena sa tsia ny famokarana toaka gasy, fa ny fomba fampanarahan-dalàna azy no mila hafainganina amin'ny alalan'ny fampandiana ity Tolo-dalàna ity.

lafiny ara-toekarena:

- ny fijery azy, ady ara-toekarena no misy eto satria hatramin'izao, mbola ny toaka avy any ivelany no mibahana ny tsena ka mahatonga ireo vokatra avy eto an-toerana izay asa tànan'ireo tantsaha Malagasy tsy afaka mivelatra, fa iharan'ny tsindry mafy dia mafy.
- tokony ho sahy hanova isika. Tsy maintsy ialàna ny toe-tsaina manosi-bohon-tànana ny vita Malagasy, ka hanindrahindra hatrany ireo vokatra vahiny. Ny fanenjehana sy ny fandràna ny toaka gasy dia miteraka fatiantoka be ho an'ny kitapom-bolam-panjakana sy ho an'ny mpamokatra satria tsy hahafiana azy izany.
- ilaina noho izany ny fametrahana fehezan-dalàna mifehy ny famokarana sy ny fanjifana toaka gasy, mba hisy tamberina ao amin'ny kitapom-bolam-panjakana sy hitondra vokatsoa tokoa amin'ireo mpamokatra izany.
- ny famelana malalaka ny famokarana toaka gasy dia hitondra famoronana asa maro manerana an'i Madagasikara satria ankoatran'ny fanodinana izany dia eo koa ny fampiroboroana ny fambolena fary izay akora fototra azo volena manerana ny nosy.
- ankoatran'ny famokarana toaka gasy, mbola azo atao ny mamadika ny fary ho lasa anagovo (ethanol) sy alkaola izay ilaina amin'ny lafiny fitsaboana, indrindra amin'izao krizy ara-pahasalamana lalovan'ny firenena izao; eny na hanamboarana "gel désinfectant" fotsiny aza.

- azo lazaina ho PPN na “Produit de Première Nécessité” ny toaka gasy, ka tsara ny hanaovana ny fanaraha-maso ny kalitaony (contrôle qualité).
- hatramin’izay, na oviana na oviana dia tsy ho foana io seha-pihariana io noho izy efa raiki-tampisaka amin’ny fomba Malagasy na amin’ny tsara na amin’ny ratsy.

lafiny ara-kolotsaina:

- amin’ny ankapobeny, tsy misy ny sekoly fianarana mamboatra toaka gasy, fa lova ifandimbiasana avy tamin’ireo razambe tany aloha izany; na aiza na aiza eto Madagasikara, tsy misy tanàna na faritra tsy mahay manamboatra azy.
- ny fombafomba ara-drazana rehetra dia tsy afa-misaraka amin’ny toaka gasy. Eny fa na tsodrano izay ataon’ireo olobe dia ampiasana toaka gasy, fa tsy “whisky”. Noho izany, aleo ny Malagasy hamokatra toaka vita Malagasy ary eto amin’ny tanin’ny Malagasy.
- mitondra fitoniana sy filaminana eo amin’ny fiaraha-monina ny toaka gasy satria raha misy disadisa mitranga dia amin’ny alalan’izany no anaovana fampihavanana. Zava-misy iainana izany.
- mahatonga ny disadisa sy lonilony eo amin’ny vahoaka sy ny mpitandrofilaminana ny tsy fisian’ny lalàna mifehy ny famokarana sy fivarotana toaka gasy satria tsy hahafonana ny fanamboarana toaka gasy ny fanenjehana izay atao, fa vao maika mampirongatra ny kolikoly fotsiny. Anisan’ny fomba iray hialana amin’ny kolikoly arak’izany ny fampanarahan-dalàna ny famokarana sy fivarotana toaka gasy.

lafiny ara-pahasalamana:

- eo amin’ny lafiny ara-pahasalamana dia azo antoka, fa tsy misy toaka mahasalama na avy any ivelany na avy eto an-toerana. Koa tsy mety raha omena vahana manokana ny toaka avy any ivelany. Aleo faritana mazava ireo torolalana sy fepetra ara-pahasalamana, toy ny fetran’ny “dose”. Azo atao ihany koa ny mametraka rafitra hanara-maso izany isaky ny toeram-pamokarana mba ho takatry ny rehetra.
- na eo aza izany, tsy tokony hiova endrika ny fomba famokarana toaka gasy amin’ny endriny ankehitriny (production artisanale) satria raha ohatra ka ny fepetra takiana amin’ny orinasa vaventy no hampiharina amin’ny mpanodina madinika dia tsy ho voahaja ny maha toaka gasy azy.

Taorian’ny fandraisam-pitenenan’ireo Solombavambahoaka dia nandray anjara fitenenana ny teknisiana nitondra ny fomba fijerin’izy ireo momba ity Tolo-dalàna ity:

Nanazava ny teknisiana avy tamin’ny Minisiteran’ny Varotra sy ny Industria ary ny Asatànana fa lohahevi-dehibe telo no ifaharan’ny andraikitra ao amin’ny sampandraharahan’ny Industria dia ny:

- fanohanana ny famokarana eto an-toerana
- fifanomezan-tànana ny fanaraham-penitra ireo vokatra avy eto an-toerana
- fametrahana lamina maty paika hiarovana ny tontolo iainana, ny fiarovana ny mpiasa sy ny mponina manodidina, indrindra ho an’ny tetikasa toy izao izay saro-pady tokoa noho ny alkaola sy ny afo miaraka.

Nilaza koa izy ireo, fa zava-dehibe eo amin’ny fifanakalozana ara-barotra ny “traçabilité” mba ahafahana mifehy sy manara-maso izany mba ho tombotsoan’ny firenena sy ny

mpanjifa ary ny mpamokatra. Tsara ihany koa ny hijerena ny “aspect de normalisation” mba hiantohana ny fahasalamana’ny mpanjifa.

Nanambara kosa ny teknisiana avy ao amin’ny Minisiteran’ny Fahasalamam-bahoaka, fa ny tena andraikitra sahanin’izy ireo dia ny fanatsarana ny fahasalamam-bahoaka, ka anisan’izany ny fanentanana ny vahoaka mba tsy ho tratry ny aretina (fisorohana) ary koa fitsaboana ny marary mba tsy ho faty. Anisan’ny anentanana’ny mpiasan’ny fahasalamana ny olona ny tsy hihinan-javatra izay hita fa hiteraka voka-dratsy amin’ny fahasalamana ary voakasik’izany ny toaka.

Koa amin’ny maha toaka azy, fototra iorenan’ny tsy fahasalamana ny toaka gasy, ka tsy mankasitraka ny fampahalalana, ny famokarana sy ny fivarotana azy ny Minisiteran’ny Fahasalamam-bahoaka, fa toy ny famporisihana ny olona hihinana zava-doza efa fantatra fa hanimba ny fahasalamany izany. Manohana kosa ny Minisitera raha toa avadika ho angovo na “produit” hafa hampidi-bola izany satria fantatra fa ho fampitomboana ny fidiram-bola no tanjon’ireo mpamokatra fa tsy sanatria hahamamo ny olona.

Taorian’izay, niverina nandray fitenenana ny Solombavambahoaka:

- Amin’ny maha firenena demokratika an’i Madagasikara, tokony hifampihaino ny Solombavambahoaka sy ny teknisiana, ka na eo aza ny antony ara-pahasalamana izay heverina ho sakana dia anjarantsika no mitady vahaolana satria matoa afaka mivezivezy sy jifaina ny toaka avy any ivelany, tokony ho toy izay koa ny toaka gasy. Olana azo vahana tsara izany raha ao aminareo teknisiana ny finiavana.

- Ny angatahana amin’ny teknisiana dia ny hitondra fomba fijery hanatsarana ny fanoratana sy ny firafitr’ity Tolo-dalàna ity, fa tsy hitsipaka izany satria ny Solombavambahoaka dia vonona ny hampandany azy noho ny maha hetahetam-bahoaka azy.

- Raha ny zava-misy hita amin’izao, tsy mifidy saranga ny mpanjifa ny toaka satria na ny mpitsabo na ny mpitandrofilaminana, samy mandray izany avokoa rehefa mpisotro toaka; indrindra any ambanivohitra.

- Anjarantsika tomponandraikitra no mamaritra ireo fepetra ara-pahasalamana sy ara-barotra tokony ho tandremana, toy ny “dosage” sy ny “mise en bouteille” mba hahatonga ny toaka gasy ho vokatra mendrika amin’ny maha “label Malagasy” azy.

- Toy ny sigara dia azo atao tsara ihany koa ny manisny soratra eo amin’ny takelaka (étiquette) ny tavoahangy misy azy, mirakitra ireo aretina mety ho azo amin’ny fandraisana toaka gasy.

Taorian’izay dia nanapakevitra ny mpivory ny hampiato ny fivoriana ho fandaminana asa sy handrafetana ireo fanitsiana tokony hatao araka ny adihevitra izay nifanaovana mialohan’ny handraisana fanapahan-kevitra.

Rehefa izany, nitohy ny Alatsinainy 16 Jona 2020 tamin’ny 3 ora, tolak’andro, ny fivoriana; ka taorian’ny famakiana sy fanazavana ireo fanitsiana natao dia niroso tamin’ny fandania ny Tolo-dalàna ny mpivory.

Famelabelarana ny Antonantony: lany nasiam-panovàna (jereo tovana)

- LOHATENY VOALOHANY: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
 - Andininy voalohany: lany nasiam-panovàna (jereo tovana)
 - Andininy faha-2: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- LOHATENY FAHA-II: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
 - Andininy faha-3: lany nasiam-panovàna (jereo tovana)
 - Andininy faha-4: lany nasiam-panovàna (jereo tovana)
 - Andininy faha-5 hatramin'ny andininy faha-11: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- LOHATENY FAHA-III: lany nasiam-panovàna (jereo tovana)
 - Andininy faha-12: lany nasiam-panovàna (jereo tovana)
 - Andininy faha-13: lany nasiam-panovàna (jereo tovana)
 - Andininy faha-14: lany nasiam-panovàna (jereo tovana)
 - Andininy faha-15: lany nasiam-panovàna (jereo tovana)
 - Andininy faha-16: lany nasiam-panovàna (jereo tovana)
 - Andininy faha-17: lany nasiam-panovàna (jereo tovana)
 - Andininy faha-18: lany nasiam-panovàna (jereo tovana)
 - Andininy faha-19: lany nasiam-panovàna (jereo tovana)
 - Andininy faha-20: lany nasiam-panovàna (jereo tovana)
 - Andininy faha-21: lany nasiam-panovàna (jereo tovana)
 - Andininy faha-22: lany nasiam-panovàna (jereo tovana)
 - Andininy faha-23: lany nasiam-panovàna (jereo tovana)
- LOHATENY FAHA-IV: lany nasiam-panovàna (jereo tovana)
 - Andininy faha-24: lany nasiam-panovàna (jereo tovana)
 - Andininy faha-25: lany nasiam-panovàna (jereo tovana)
 - Andininy faha-26: lany nasiam-panovàna (jereo tovana)
 - Andininy faha-27: lany nasiam-panovàna (jereo tovana)
- LOHATENY FAHA-V: lany nasiam-panovàna (jereo tovana)
 - Andininy faha-28: lany nasiam-panovàna (jereo tovana)
 - Andininy faha-29: lany nasiam-panovàna (jereo tovana)
 - Andininy faha-30: lany nasiam-panovàna (jereo tovana)
- LOHATENY FAHA-VI: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
 - Andininy faha-31 ka hatramin'ny andininy faha-33: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- LOHATENY FAHA-VII: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna (jereo tovana)
 - Andininy faha-34: lany nasiam-panovàna (jereo tovana)
 - Andininy faha-35: lany nasiam-panovàna (jereo tovana)

- LOHATENY FAHA-VIII: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
 - Andininy faha-36 ka hatramin'ny andininy faha-40: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Araka izany, nolanian'ny mpivory tamin'ny endriny nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna ny Tolo-dalàna laharana faha-03-2019/PL "relative à la production et à la commercialisation du toaka gasy" natolotr'Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle, Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena, ka ho entina any amin'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 4 ora, tolak'andro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

TOVANA

VERSION ORIGINALE	VERSION AMENDEE
<p>EXPOSE DES MOTIFS</p> <p>Dernier alinéa: La présente loi comporte quarante (40) articles et est, constituée des grandes divisions suivantes:</p> <p>TITRE PREMIER-DISPOSITIONS GENERALES TITRE II-DE LA PRODUCTION DU TOAKA GASY TITRE III-DE LA COMMERCIALISATION DU TOAKA GASY TITRE IV-DES MATERIELS DESTINES A LA FABRICATION DU TOAKA GASY TITRE V- DE LA NORMALISATION DE LA QUALITE ET DES METHODES D'ANALYSE TITRE VI- DES OBLIGATIONS FISCALES TITRE VII- DES INFRACTIONS ET DES SANCTIONS TITRE VII-DISPOSITIONS FINALES</p>	<p>EXPOSE DES MOTIFS</p> <p>Dernier alinéa: La présente loi comporte quarante (40) articles et est, constituée des grandes divisions suivantes:</p> <p>TITRE PREMIER-DISPOSITIONS GENERALES TITRE II- DE LA PRODUCTION DU TOAKA GASY TITRE III- DES MATERIELS DESTINES A LA FABRICATION DU TOAKA GASY TITRE IV- DE LA NORMALISATION DE LA QUALITE ET DES METHODES D'ANALYSE TITRE V-DE LA COMMERCIALISATION DU TOAKA GASY TITRE VI- DES OBLIGATIONS FISCALES TITRE VII- DES INFRACTIONS ET DES SANCTIONS TITRE VII-DISPOSITIONS FINALES</p>
<p>Article premier- La présente loi a pour objet d'autoriser la production et la commercialisation du toaka gasy sur le territoire national</p>	<p>Article premier- La présente loi a pour objet d'autoriser la production; le transport, le stockage et la commercialisation du toaka gasy sur le territoire national</p>
<p>Article 3- Les activités de production du toaka gasy sont ouvertes à toute personne physique ou morale constituée en association, coopérative ou société de droit malagasy</p>	<p>Article 3- Les activités de production du toaka gasy sont ouvertes à toute personne physique ou morale constituée en association, coopérative ou société de droit malagasy</p> <p>L'Etat s'engage à accompagner les paysans-producteur dans la fabrication du toaka</p>

	gasy à travers une politique de formation et de sensibilisation
Article 4 –L’implantation de l’unité de production sur un lieu déterminé et la fabrication du toaka gasy sont soumises à l’obtention d’une autorisation délivrée <u>par le Maire de la Commune d’implantation</u>	Article 4 –L’implantation de l’unité de production sur un lieu déterminé et la fabrication du toaka gasy sont soumises à l’obtention d’une autorisation délivrée <u>par l’autorité compétente</u>
TITRE III : DE LA COMMERCIALISATION DU TOAKA GASY	TITRE III- DES MATERIELS DESTINES A LA FABRICATION DU TOAKA GASY
Article 12- <u>Le toaka gasy doit avoir une teneur en alcool inférieur à 44°</u> <u>Chaque fabricant s’assure que le toaka gasy produit ne dépasse pas d’alcool prévu au précédent alinéa</u> <u>A cet effet, des échantillons peuvent être prélevés par les autorités de contrôle pour vérifier la teneur en alcool du toaka gasy produit</u>	Article 12- Les alambics composé d’une chaudière ou bouilleur ou fût sont les matériels recommandés pour la distillation du moût fermenté. Ils peuvent être importés ou fabriqués localement
Article 14- <u>Tout emballage destiné à contenir le toaka gasy doit être préalablement nettoyé et ne pas altérer ni sa qualité ni son goût</u>	Article 14- Les matériels, outillages et instruments destinés à l’élaboration et à la commercialisation du toaka gasy doivent être irréprochables tant au point de vue technique qu’hygiénique. Des contrôles périodiques sont effectués par l’Administration. Ils ne doivent en aucun cas porter atteinte directement ou indirectement ni au goût ni à la qualité du toaka gasy
Article 15- <u>L’emballage préconisé pour le toaka gasy vendu dans les débits de boissons est similaire à celui des autres boissons alcooliques. A ce titre, l’emballage en verre doit être privilégié</u>	Article 15- Sans préjudice des vérifications et visites techniques et hygiéniques nécessaires, ne sont admis pour l’entretien et le nettoyage des matériels, outillages et instruments visés par la présente loi que les produits courants internationalement reconnus comme tels. Dans tous les cas, le rinçage à l’eau tiède des matériels, outillages et instruments demeure obligatoire après leur utilisation

	TITRE IV (NOUVEAU): DE LA CONSOMMATION DE LA QUALITE ET DES METHODES D'ANALYSE
Article 16 – <u>Les degré alcoolique du toaka gasy doit figurer sur l'étiquette de l'emballage</u>	Article 16 – Les producteurs s'engagent à moderniser progressivement leurs matériels et à perfectionner leurs techniques dans la perspective de normaliser le secteur Le Ministère en charge du Commerce s'assure du contrôle et du suivi du respect des normes. A ce titre, il est également chargé d'élaborer un référentiel des normes à respecter dans la production du toaka gasy.
Article 17 – <u>Le toaka gasy est destiné au marché local et à l'exportation</u>	Article 17 – La détermination de la teneur en alcool du toaka gasy s'effectue exclusivement à l'aide de matériels scientifiques Le degré noté «°» est l'unité de mesure du degré alcoolique
Article 18 – <u>Le principe de la libre concurrence s'applique à la vente du toaka gasy.</u> <u>Toutefois, les dispositions spécifiques sur l'interdiction de vente de boissons alcoolisées à des mineurs demeurent applicables</u>	Article 18 – Le toaka gasy doit avoir une teneur en alcool inférieur à 44°
Article 19 – <u>Le toaka gasy peut être vendu dans les débits de boissons au même titre que les autres boissons alcooliques. Dans ce cas, la réglementation relative aux débits de boissons fixées par le Code Général des Impôts s'applique</u>	Article 19 - Des textes réglementaires déterminent les caractéristiques et spécifications techniques de la qualité du toaka gasy
	TITRE V (NOUVEAU): DE LA COMMERCIALISATION DU TOAKA GASY
Article 20 – <u>Le toaka gasy peut également être vendu directement par le producteur aux consommateurs</u>	Article 20 – Chaque fabricant s'assure que le toaka gasy produit ne dépasse pas le degré d'alcool prévu par la réglementation technique en vigueur
Article 21 – <u>La vente du toaka gasy peut avoir lieu sur des marchés spécifiques dits « marchés de toaka gasy ».</u>	Article 21 – A cet effet, des échantillons peuvent être prélevés par les autorités de contrôle pour vérifier la teneur en alcool du toaka gasy

<p><u>La consommation du toaka gasy est interdite dans les marchés de toaka gasy.</u></p> <p><u>Le marché de toaka gasy ne peut être établi à moins de cent mètres autour des zones protégées dont les édifices consacrés à un culte quelconque, les cimetières, les hospices, tout établissement d'enseignement public ou privé, les hopitaux, postes médicaux, sanatoria et préventoria, les organismes publics créés en vue du développement physique de la jeunesse et de la protection de la santé publique, les établissements pénitentiaires, les casernes, arsenaux et de tous bâtiments occupés par les armées de terre, de mer et de l'air, par des forces de police ainsi que le personnel des services publics.</u></p> <p><u>Les modalités d'organisation, de fonctionnement et de contrôle du marché de toaka gasy seront fixées par voie réglementaire</u></p>	
<p><u>Article 22 –La vente du toaka gasy à l'occasion des festivités dans une localité est soumise à l'obtention d'une licence foraine.</u></p> <p><u>Les licences foraines sont octroyées par le Maire de la Commune du lieu de vente.</u></p> <p><u>Une décision de licence foraine ne doit pas accorder à son titulaire une durée d'exploitation de plus de 72 heures consécutives. La décision fixe également l'heure d'ouverture et de fermeture du débit de boissons alcooliques.</u></p>	<p>Article 22 –Tout emballage destiné à contenir le toaka gasy doit être préalablement nettoyé et ne pas altérer ni sa qualité ni son goût</p>
<p><u>Article 23 – Le toaka gasy destiné à l'exportation doit respecter les normes internationales requises sur le marché international</u></p> <p><u>Les modalités et les conditions d'exportation du toaka gasy seront fixées par voie réglementaire</u></p>	<p>Article 23 – L'emballage préconisé pour le toaka gasy vendu dans les débits de boissons alcoolisées. A ce titre, l'emballage en verre doit être privilégié</p>
<p>TITRE IV: DES MATERIELS DESTINES A LA FABRICATION DU TOAKA GASY</p>	<p>SUPPRIME</p>

<p>Article 24 –<u>Les alambics sont les matériels recommandés pour la distillation du moût fermenté. Ils peuvent être importés ou fabriqués localement</u></p>	<p>Article 24 –Le degré alcoolique du toaka gasy doit figurer sur l'étiquette de l'emballage</p>
<p>Article 25 –<u>Les unités de production du toaka gasy doivent présenter en toute circonstance un état de salubrité irréprochable</u></p>	<p>Article 25 –Le toaka gasy est destiné au marché local et à l'exportation</p>
<p>Article 26 –<u>Les matériels, outillages et instruments à l'élaboration et à la commercialisation du toaka gasy doivent être irréprochables tant au point de vue technique qu'hygiénique. Des contrôles périodiques sont effectués par l'Administration.</u></p> <p><u>Ils ne doivent en aucun cas porter atteinte directement ou indirectement ni au goût ni à la qualité du toaka gasy</u></p>	<p>Article 26 –Le principe de la libre concurrence s'applique à la vente du toaka gasy.</p> <p>Toutes fois, les dispositions spécifiques sur l'interdiction de vente de boissons alcoolisées à des mineurs demeurent applicables</p>
<p>Article 27 –<u>Sans préjudice des vérifications et visites techniques et hygiéniques nécessaires, ne sont admis pour l'entretien et le nettoyage des matériels, outillages et instruments visés par la présente loi que les produits courants internationalement reconnus comme tels.</u></p> <p><u>Dans tous les cas, le rinçage à l'eau tiède des matériels, outillages et instruments demeure obligatoire après leur utilisation</u></p>	<p>Article 27 –Le toaka gasy peut être vendu dans les débits de boissons au même titre que les autres boissons alcoolisées. Dans ce cas, la réglementation relative aux débits de boissons fixées par le Code Général des Impôts s'applique.</p>
<p>TITRE V: DE LA NORMALISATION DE LA QUALITE ET DES METHODES D'ANALYSE</p>	<p>SUPPRIME</p>
<p>Article 28 –<u>L'Etat s'engage à accompagner les paysans-producteurs dans la fabrication du toaka gasy à travers une politique de formation et de sensibilisation</u></p>	<p>Article 28 –La vente du toaka gasy peut avoir lieu sur des marchés spécifiques dits «marchés de toaka gasy».</p> <p>La consommation du toaka gasy est interdite dans les marchés de toaka gasy.</p> <p>Le marché de toaka gasy ne peut être établi à moins de cent mètres autour des zones protégées dont les édifices consacrés à un culte quelconque, les cimetières, les hospices, tout établissement d'enseignement public ou privé, les hôpitaux, postes médicaux, sanatoria et</p>

	<p>préventoria, les organismes publics créés en vue du développement physique de la jeunesse et de la protection de la santé publique, les établissements pénitentiaires, les casernes, arsenaux et de tous bâtiments occupés par les armées de terre, de mer et de l'air, par des forces de police ainsi que le personnel des services publics.</p> <p>Les modalités d'organisation, de fonctionnement et de contrôle du marché de toaka gasy seront fixées par voie réglementaire.</p>
<p>Article 29 –<u>Les producteurs s'engagent à moderniser progressivement leurs matériels et à perfectionner leurs techniques dans la perspective de normaliser le secteur.</u></p> <p><u>Le Ministre en charge du Commerce s'assure du contrôle et du suivi du respect des normes. A ce titre, il est également chargé d'élaborer un référentiel des normes à respecter dans la production du toaka gasy.</u></p>	<p>Article 29 –La vente du toaka gasy à l'occasion des festivités particulières dans une localité est soumise à l'obtention d'une licence foraine.</p> <p>Les licences foraines sont octroyées par le Maire de la Commune du lieu de la vente.</p> <p>Une décision de licence foraine ne doit pas accorder à son titulaire une durée d'exploitation de plus de 72 heures consécutive. La décision fixe également l'heure d'ouverture et de fermeture du débit de boissons alcoolisées.</p>
<p>Article 30 –<u>La détermination de la teneur en alcool du toaka gasy s'effectue exclusivement à l'aide de matériels scientifiques.</u></p> <p><u>Le degré noté «°» est l'unité de mesure du degré alcoolique.</u></p>	<p>Article 30 –Le toaka gasy destiné à l'exportation doit respecter les normes internationales requises sur le marché international.</p> <p>Les modalités et les conditions d'exportation du toaka gasy seront fixées par voie réglementaire</p>
<p>Article 34 – <u>Sont punis d'une peine d'amende de vingt mille (20 000) Ariary à cent mille (100 000) Ariary et/ou d'une suspension d'activités d'une durée maximale de six (6) mois dans le district à l'intérieur de laquelle l'infraction a été commise, ceux qui opèrent dans des conditions de sécurité et/ou de vente en dessous des normes établies.</u></p>	<p>Article 34 –Sont punis d'une peine d'amende de vingt mille (20 000) Ariary à cent mille (100 000) Ariary et/ou d'une suspension d'activités d'une durée maximale de douze (12) mois dans le district à l'intérieur de laquelle l'infraction a été commise, ceux qui opèrent dans des conditions de sécurité et/ou de vente en dessous des normes établies.</p>
<p>Article 35 –<u>La juridiction répressive est compétente pour prononcer les peines prévues par le présent titre</u></p>	<p>Article 35 –L'autorité compétente prononce les peines prévues par le présent titre.</p>

Taorian'izay, nilaza Andriamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fanamarihana ny tatitra ny mpivory; avy amin'ny Solombavambahoaka aloha, avy eo ny solotenan'ny Governemanta.

Nitondra fanitsiana, Andriamatoa ANDRIAMBELOSOA Heriniaina, ao amin'ny pejy faha-6, tsy "dosage" no izy fa "degré" raha ny marina.

Rehefa izany, nifandimby nandray fitenenana ny Solombavambahoaka taorian'izay. Nambaran'Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa, fa tsy tokony handefa taratasy raha handray fitenenana fa tsangan-tànana no atao.

Nilaza kosa Andriamatoa TSABOTOKAY Honoré, fa aleo atao avy hatrany ny fandaniana ity Tolo-dalàna ity satria mandeha ny fotoana.

Nanambara Andriamatoa Filoha, fa handraisana fanapahan-kevitra tokoa izy ity kanefa hotononina ve sa hanangan-tànana izay hiteny.

Raha nomena fitenenana, Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas, nilaza fa aleo handraisana fanapahan-kevitra ny Tolo-dalàna araka ny voalazan'ny namana teo aloha.

Taorian'izay, nomena fitenenana Andriamatoa RAMINDO Gaétan, Tale Jeneralin'ny Minisiteran'ny Varotra, ny Indostria ary ny Asatànana.

Fisaorana no natolony an'Andriamatoa Filoha, tamin'ny nanomezana fitenenana azy. Nambarany fa tsy manan-kolazaina firy ny tenany saingy manohana ny famokarana ny vokatry voahodina tahaka izao ny Minisitera ary vonona ny hifanome tànana, indrindra amin'ny resaka "traçabilité" amin'ny vokatry azo.

Nanao satroka, Andriamatoa RAKOTONDRAVAO Georges ary nambarany fa handany ny Tolo-dalàna ny tenany. Nanamarika koa fa maro ny toaka vita gasy ary raha mivaha ny resaka momba ity toaka gasy ity, tokony hivaha manaraka azy koa ny betsabetsa.

Nanao satroka indray, Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa ary nanamarika fa tsy mpikambana ao amin'ny Vaomiera ny tenany. Toa tsy misy adihevitra intsony raha jerena ny zava-misy; noho izany, hisy ve izany sa tsia.

Namaly, Andriamatoa Filoha, fa ny hevitra terabary ka afaka milaza ny heviny ny Solombavambahoaka saingy izay tapaky ny besinimaro no arahana.

Taorian'izay, nandraisana fanapahan-kevitra ny hoe: hanaovana adihevitra aloha ny Tolo-dalàna na hidirana ny sosokevitr'Andriamatoa TSABOTOKAY Honoré, amin'ny hirosoana avy hatrany amin'ny fandaniana.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 6 no nanaiky ny hanaovana adihevitra, 3 no tsy nilaza ny heviny; Solombavambahoaka miisa 31 no nandany ny hirosoana amin'ny sosokevitra farany.

Nambaran'Andriamatoa Filoha fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra isan'andiny momba ny Tolo-dalàna ny mpivory.

Famelabelarana ny Antonantony: lany nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 52 no nandany, tsy nisy nitsipaka, tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

LOHATENY VOALOHANY: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 52 no nandany, tsy nisy nitsipaka, tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

- Andininy voalohany: lany nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 52 no nandany, tsy nisy nitsipaka, tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

- Andininy faha-2: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 52 no nandany, tsy nisy nitsipaka, tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

LOHATENY FAHA-II: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 72 no nandany, tsy nisy nitsipaka, tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

- Andininy faha-3: lany nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 72 no nandany, tsy nisy nitsipaka, tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

- Andininy faha-4: lany nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 72 no nandany, tsy nisy nitsipaka, tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

- Andininy faha-5 hatramin'ny andininy faha-11: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 72 no nandany, tsy nisy nitsipaka, tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

LOHATENY FAHA-III: lany nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 72 no nandany, tsy nisy nitsipaka, tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

- Andininy faha-12: lany nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 72 no nandany, tsy nisy nitsipaka, tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

- Andininy faha-13: lany nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 72 no nandany, tsy nisy nitsipaka, tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

- Andininy faha-14: lany nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 72 no nandany, tsy nisy nitsipaka, tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

- Andininy faha-15: lany nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 72 no nandany, tsy nisy nitsipaka, tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

- Andininy faha-16: lany nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 72 no nandany, tsy nisy nitsipaka, tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

- Andininy faha-17: lany nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 72 no nandany, tsy nisy nitsipaka, tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

- Andininy faha-18: lany nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 72 no nandany, tsy nisy nitsipaka, tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

- Andininy faha-19: lany nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 72 no nandany, tsy nisy nitsipaka, tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

- Andininy faha-20: lany nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 72 no nandany, tsy nisy nitsipaka, tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

- Andininy faha-21: lany nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 72 no nandany, tsy nisy nitsipaka, tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

- Andininy faha-22: lany nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 72 no nandany, tsy nisy nitsipaka, tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

- Andininy faha-23: lany nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 72 no nandany, tsy nisy nitsipaka, tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

LOHATENY FAHA-IV: lany nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 72 no nandany, tsy nisy nitsipaka, tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

- Andininy faha-24: lany nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 72 no nandany, tsy nisy nitsipaka, tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

- Andininy faha-25: lany nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 72 no nandany, tsy nisy nitsipaka, tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

- Andininy faha-26: lany nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 72 no nandany, tsy nisy nitsipaka, tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

- Andininy faha-27: lany nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 72 no nandany, tsy nisy nitsipaka, tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

LOHATENY FAHA-V: lany nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 72 no nandany, tsy nisy nitsipaka, tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

- Andininy faha-28: lany nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 72 no nandany, tsy nisy nitsipaka, tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

- Andininy faha-29: lany nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 72 no nandany, tsy nisy nitsipaka, tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

- Andininy faha-30: lany nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 72 no nandany, tsy nisy nitsipaka, tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

LOHATENY FAHA-VI: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 72 no nandany, tsy nisy nitsipaka, tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

- Andininy faha-31 ka hatramin'ny andininy faha-33: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 72 no nandany, tsy nisy nitsipaka, tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

LOHATENY FAHA-VII: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 72 no nandany, tsy nisy nitsipaka, tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

- Andininy faha-34: lany nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 72 no nandany, tsy nisy nitsipaka, tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

- Andininy faha-35: lany nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 72 no nandany, tsy nisy nitsipaka, tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

LOHATENY FAHA-VIII: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 72 no nandany, tsy nisy nitsipaka, tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

- Andininy faha-36 ka hatramin'ny andininy faha-40: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 72 no nandany, tsy nisy nitsipaka, tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

Marihana, fa tsy nisy Solombavambahoaka nanan-kolazaina teny anelanelan'ny fandraisana fanapahan-kevitra isan'andininy ary nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany daholo ireo andininy ireo.

Taorian'izay, niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ankapobeny ny mpivory.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiarina amin'izao fandraisana fanapahan-kevitra ankapobeny izao.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 72 no nandany, tsy nisy nitsipaka, tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny Tolo-dalàna laharana faha-03-2019/PL "relative à la production et à la consommation du toaka gasy, natolotr'Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle, Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena".

Taorian'ny fahalianan'ny Tolo-dalàna, nomena fitenenana ny Mpanolotra izany.

Fisaorana ny Solombavambahoaka no nataon'Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle, tonga maro tamin'ny fandaniana ny Tolo-dalàna narosony. Nisaotra ny teknisiana koa ny tenany tamin'ny fanomezan-tànana nolazainy mba hoentina hanatsarana ny Tolo-dalàna. Nomarihany koa fa nampiseho firaisan-kina sy fisainana lalina ny Solombavambahoaka tamin'ny fandaniana izany. Nambarany fa tsy tokony ho faha-5 avy any amin'ny farany ny laharantsika eo amin'ny resaka fandrosoana satria ny vokatra vita Malagasy toy izao dia hampisondrotra ny fiainan'ny mponina eto Madagasikara. Izany hoe, hisy fiantraikany isan-tokantrano ny famokarana ny vita Malagasy tahaka izao satria hahazoan'ny mpamokatra tombotsoa mivantana rehefa manara-dalàna izy ireo.

Fisaorana ny Solombavambahoaka rehetra tamin'ny fanapahan-kevitra noraisina no namaranany ny teniny.

Fisaorana ny Solombavambahoaka rehetra tamin'ny fanapahan-kevitra noraisina no namaranany ny teniny.

Nisaotra azy, Andriamatoa Filoha, tamin'ny fanomezan-danja ny vokatra vita Malagasy na ny "label Malagasy". Tsapa fa nitovy fijery ny Antenimierampirenena sy ny Mpanatanteraka tamin'ny nandaniana ny Tolo-dalàna naroson'ny Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena teo, ka izay no irariana ny hitohizany.

Talohan'ny niatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Andriamatoa Filoha araka ny fanovàna natao teo aloha. Nambarany, fa ny Alarobia 17 Jona 2020 amin'ny 10 ora, maraina, hisy ny asam-baomiera handinika ny Volavolan-dalàna laharana faha-009/2020 mikasika ny Tetibolam-panjakana nasiam-panitsiana, taona 2020. Mbola amin'ny 10 ora, maraina ihany, amin'io andro io; hanao tatitra eto amin'ny Antenimierampirenena ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena momba ny Zon'olombelona.

Rehefa izany, nanentana ny Solombavambahoaka mba havitrika hamonjy ireo fivoriana ireo ny tenany.

Niato tamin'ny 5 ora sy 10 minitra, hariva, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona